Raharaham-pirenena

**Inona indray ny habobo ho lazain-dRajoelina rahampitso ? 4**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 27 avrily 2019 | Laharana 903 | Vidiny : 400 Ar


**I Korintiana 5: 7** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (gv 131), madagasikara 24 aprily 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Fanemorana ny fitsapankevibahoaka** 3

# Afa-baraka Rajoelina Lalatiana ary ny CENI



**Mpitondra sy mpanohitra** 2

# Mila mifampiresaka hoy Ravalo



**DMR (CUA)** 6

## Manao ezaka fanisana ny trano ao amin'ny Boriboritany faha-5 eto an-drenivohitra




**Mampihomehy ny CENI** 3

## Tsy namoaka ny heviny ny HCC dia efa nanao antsapaka

**Antenimierandoholona** 7

## Tsy 33 miliara Ar fa 23 miliara Ar sisa ny tetibolany

**Ny Valosoa sy Mahasoa** 4

## Ny soa azo avy amin'ny akoran'atody

**Daka kely**

Nahazo tsara ialahy izay ry Boaikely nanaovan'ny HCC azy.

**Kandida Ramboasalama Emilien** 3

## Tsy manao ambaninjavatra ny sosialim-bahoaka ao amin'ny Boriboritany faha-4



# Mpitondra sy mpanohitra : mila mifampiresaka hoy Ravalo

***Araka ny taratasy misokatra nataon'ny Filoha Marc Ravalomanana ho an'ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena, miantso azy ireo hampifanatona ny mpitondra sy ny mpanohitra i Dada, amin'ny raharaha politika eto amintsika amin'izao fotoana. Tsy tokony hisy olom-pirenena hailika hoy izy amin'ny fampandrosoam-pirenena, fototry ny filaminana eto koa ny fampihavanam-pirenena. Manakatom-baravarana amin'ny hafa mantsy ankehitriny ny mpitondra hoy ny Filoha nasionalin'ny antoko TIM, ka mila ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena hanao hetsika diplaomatika ho fampihaonana.***

*Isambilo*

## Taratasy misokatra avy amin'ny Filoha Marc Ravalomanana momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana

Araka ny efa fantatrareo, niatrika fifidianana filohampirenena i Madagasikara vao tsy ela akory izay. Na be aza ny tsy fahatomombanana sy ny hosoka, familiviliana ny safidin'ny mpifidy, nanaiky ny voka-pifidianana aho ho fitandroana ny filaminana sy ny ho avin'ny firoboroboan'ny firenena Malagasy. Efa ela nijaliana ny vahoaka Malagasy, noho ny adilahy politika misy, tonga ny fotoana tokony hamelan'ny mpanao politika ny hambompony fa ny tombontsoa ambonin'ny firenena no tokony ho banjinina.

Tao aorian'ny nanekeko ny vokatry ny fifidianana filohampirenena, efa manangasanga koa ankehitriny ny fifidianana depiote. Mino aho fa ny vinako sy ny antoko tarihiko dia ho afaka hamadika pejy amin'ny toe-draharaha mbola marefo eto amin'ny firenena, amin'ny fanombohana hametraka fandraisan'anjaran'ny rehetra, hisian'ny filaminana demokratika. Noho izany, tapa-kevitra izahay fa handray anjara amin'io fifidianana depiote ho avy io, ary manantena fa hametraka ny fahatokisany amiko sy ny antoko tarihiko ny mpifidy Malagasy ho amin'ny fanatsarana ny fiainany ho avy.

Kivy anefa aho, fa tsy vonona ny hametraka filaminana ka handraisan'ny rehetra anjara amin'izany ny Filohan'ny Repoblika sy ny Praiministra ankehitriny. Ny faharefoana sy ny herisetra misy eto Madagasikara amin'izao fotoana dia vokatry ny fanilikilihana politika, manampatra ny fahefana eo am-pelatanany ny mpitondra mpandresy ary tsy misokatra amin'ny ankolafin-kevitra hafa. Zava-doza anefa izany fihetsiky ny mpitondra izany, satria tsy mihaino ny hevitra sy feo hafa avy amina olona an-tapitrisany. Ny demokrasia dia mitaky filaminana, , ny filaminana dia mila fifanatonana, ary ny fifanatonana dia mitaky fifampiresahana. Efa imbetsaka aho no nangataka fihaonana tamin'ny Praiministra sy ny Filohampirenena, nefa mbola tsy misy valiny izany hatramin'izao. Ny fangatahako fihaonana voalohany tamin'izy ireo dia tamin'ny 27 janoary 2019, izany hoe efa 3 volana izao tsy nahazo valiny aho, ny ho amin'izay fihaonana izay. Heveriko fa mitovy hevitra amiko ianareo Fianakaviambe Iraisam-pirenena, tsara ho an'i Madagasikara ny hisian'ny fampihavanam-pirenena am-pilaminana, raha ekena izay fahavononako hifanatona izay ary raha misy ny fihaonana halamina sy homanina.

Fanampinin'izany, ny fitondram-panjakana vaovao dia mikatona tanteraka amiko sy ny antoko tarihiko, tsy vitan'izay fa manampatra fahefana koa izy ireo amin'ny fanakantsakanana ny fandraharahana hataoko tsy hihodina. Manokana amin'izany, sakanan'izy ireo ny zoko hampiasa ny seranan-tsambon'i Toamasina, ka miteraka fatiantoka be ho aho izany toe-javatra izany. Ary ny tsy kely indrindra, tsy hisian'ny fifanatonana sy ny fifanarahana eto dia mandeha ila ny tontolo politika ankehitriny.

Ambonin'izany, andro vitsivitsy izay no nanambara ny Filoha fa hatao miaraka ny fanovana ny lalampanorenana sy ny fifidianana solombavambahoaka, izay tsy ara-dalàna ary mampanahy amin'ny fifandanjan-kery marefo eto amin'ny firenena. Tsy mety ary tsy azo ekena ny fanovana ny fitsipiky ny lalao amin'ny fifidianana iray efa antomotra ny fanatanterahana azy. Izany dia mitarika ny mpitsara lalao hiandany amin'ny ekipa iray amin'ny fisasahan'ny lalao baolina kitra iray. Mino aho fa miray hevitra amiko ianareo Fianakaviambe Iraisam-pirenena, tokony ho ao aorian'ny fifidianana solombavambahoaka vao tokony ho tanterahina ny fitsapankevibahoaka fikitihana ny lalampanorenana ary tokony tsy hisy ho ahilika ireo antoko lehibe eto amin'ny firenena mandritra izany.

Eto am-pamaranana, mampanahy ny tontolo politika misy ankehitriny, marefo ny filaminana eto Madagasikara. Nefa matahotra aho fa ny fanohizan'ny mpitondra manampatra fahefana, sy ny tsy fisian'ny finiavana amin'izy ireo dia hampitombo izay faharefoan'ny filaminana izay, ka mety hiteraka korontana. Manjaka ny kolikoly sy ny fitazonana tsy ara-drariny, izay ao anatin'ny fanaovana valifaty politika, izany ihany koa dia miteraka fahantrana lalina eto amin'ny firenena. Efa niezaka sy nanao dingana voalohany ny tenako ho fihoarana izay adilahy politika, sakana ho amin'ny fivoaran'ny firenena izay. Voafetra ihany anefa izay ezaka efa natao izay, satria ireo mpitondra amin'ny ankapobeny dia tsy te hiara-hiasa amin'ny mpanohitra.

Noho izany, miantso hetsika diplaomatika aho, hisian'ny fifampiresahana eo amin'ny mpitondra sy ny mpanohitra. Mino aho fa tokony hanana ny anjara toerany avokoa ny Malagasy rehetra amin'ny ho avin'ity Nosy ity, ary manantena aho fa hanaiky izany ianareo Fianakaviambe Iraisam-pirenena, mba hananganana demokrasia handraisan'ny rehetra anjara, mitombina sy ao anaty filaminana.

Antananarivo, 25 aprily 2019

## Open letter from HE President Marc Ravalomanana

As you know, Madagascar recently held presidential elections. Despite serious irregularities that called into question the integrity of the vote, I decided to accept the results in the interest of peace and the island's future prosperity. Madagascar's citizens have suffered too long, through too man political crises, and it was time for a politician to put the interests of the nation above his own interests.

However, while I have accepted the result of the presidential election, legislative elections are around the corner. I believe that my vision – and my party – can play an important part in turning the page on the long and volatile chapters of Madagascar's history and start to build an inclusive, democratic peace. I therefore welcome the opportunity to compete in the upcoming legislative elections and I hope that Madagascar's voters will bestow that honor on me and my party to help shape their future.

I am disappointed, however, at the complete lack of engagement from the president and the prime minister in order to build that inclusive peace. Madagascar's volatility and its violence come from a politics of exclusion – a politics in which the winner takes all and then uses political power to shut out alternative points of view. Such behaviour is dangerous, because it denies a voice to millions who preferred an alternative vision. Democracy requires peace; peace requires compromise; and compromise requires dialogue. I have repeatedly requested meetings with the prime minister and the president, respectively, and have still not received a response. My initial request for a meeting was made on 27 January 2019, so it has now been nearly three months without a response. I'm sure you'll agree that it would be better for Madagascar's peaceful reconciliation process if my overtures were answered and a meeting were arranged.

Furthermore, the new administration is not just shutting out my political movement by refusing to engage with me or my party, they are also abusing their power in order to block my business from operating. In particular, they have blocked my right to use the port in Toamasina, causing me a massive financial loss. Such conduct is not only petty, it also makes clear that there is only one side in this new political dynamic interested in compromise and consensus.

Additionally, the president recently announced his intention to change the Constitution at the same time as legislative elections, a highly irregular move that threatens the fragile equilibrium. It is absurd to change the rules of the game in the middle of an election – akin to letting one team handpick the referees during the middle of a football match! I hope that you will agree with me that any Constitutional referendum should take place after legislative elections and with the input of all major political movements on the island.

Finally, the current political situation is untenable. Madagascar currently enjoys a fragile peace. But I fear that further abuses of power and continued lack of engagement threatens that fragile peace. Madagascar's politics are rife with corruption, arbitrary detentions that are used to settle scores, cycles of vengeance, and extreme poverty. I have tried to do my best to make the first move, to put these petty political battles behind us and to begin to tackle these extremely serious challenges. However, I have been limited in my ability to do so, because nobody in power seems remotely interested in working together with the opposition.

I am therefore requesting further diplomatic engagement in the hopes of fostering a dialogue between the new administration and the opposition. I believe it is imperative that all Malagasy have a voice in building the island's future and I hope that you share that sentiment—in order to build an inclusive, stable, democratic peace.

Antananarivo, april 25th, 2019

Ny Valosoa sy hadihady

## Fanemorana ny fitsapankevibahoaka
# Afa-baraka Rajoelina, Lalatiana ary ny CENI

« Tsy nisy zava-bitan'ireo mpitondra nifandimby tao anatin'ny dimapolo taona mahery teto amin'ity firenena Malagasy manana ny harena rehetra izay fanoitra hahafahana mampandroso azy », hoy ny filohan'ny Repoblika, Andry Rajoelina. Vohizina ombieny ombieny fa hetsi-bahoaka no nampahomby ny fanonganampanjakana notarihany tamin'ny taona 2009. Raha atao jeritodika ny hetsi-bahoaka rehetra teto (1972, 1991, 2002) dia tsy nisy nitovy tamin'izay nitranga tamin'ny 2009. Ny nanana ny fahefana tamin'ireo vanim-potoana ireo no nampiasa fitaovam-piadiana sy herim-pamoretana nentina nanapotika ny hetsibahoaka saingy vondron-tafika manokana no nandray anjara tamin'izany (FRS ny taona 1072, RESEP tamin'ny 1991), ka tsy maintsy nilefitra ihany. Niaro ny safidiny ny vahoaka Malagasy tamin'ny 2002 ka tsy nisy herim-pamoretana azo nampiasaina, niroso tamin'ny fifanarahana tany Dakar no niafaran'ny resaka. Tsiahivina fa nitanila ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana tamin'izany fotoana izany ka nampandresy ny Amiraly Ratsiraka Didier kanefa dia niafara tamin'ny fandresen-dRavalomanana Marc ihany satria tsy nilefitra mihitsy ny Malagasy. Misy lesona maro azo raisina sy entina mitantana ity Firenena ity kanefa dia nodian'ny politisiana tsy fantatra ireny tranga ireny. Raha iverenana kosa ny hetsika tamin'ny taona 2009 dia miaramila sy zandary nihoko no nanongam-panjakana ary nitodika tany amin'ny mpitondra fanjakana ny basy aman-tafondro fa ny vondron'olona nanara-dia ny mpihoko kosa nanararaotra ny toe-draharaha ka nandroba sy nandoro fananan'olona. Famadihana Tanindrazana avo lenta (haute trahison) no azo amaritana iny raharaha iny. Noravan'ny fitondrana tetezamita avokoa ny andrimpanjakana nisy rehetra ka nosoloina olom-boatendry ny olom-boafidy, noho izany nanjakazaka sy nanao ny danin'ny kibony tokoa ny nanodidina an-dRajoelina Andry. Nandrafitra lalàmpanorenena ny fitondrana tetezamita izay nihàtra taorian'ny nahalanian-dRajaonarimampianina Hery ary mbola manan-kery sy iainana hatramin'izao. Teo amin'ny lafiny fampandrosoana ny Firenena eo amin'ny sehatra rehetra dia tsy azo hafenina ary hitam-poko, hitam-pirenena fa ny mpitondra tamin'ny tetezamita nodimbiasan'ny mpitondra ny Repoblika IV no nampikoroso fahana ny fiainampirenena ka mirongatra ny asan-dahalo sy ny asanjiolahy, manjaka ny kolikoly, mahazo laka ny trafika isan-karazany, mahantra fadiranovana ny sivifolo isan-jaton'ny Malagasy. Nitsakitsahan-dRajoelina Andry ny "Tondro Zotra" narafitry ny vondrona iraisam-pirenena izay lasa lalàna velona ka izany no anisan'ny antony tsy nahazoana famatsiam-bola mihitsy nandritra ny tetezamita. Natao ny fifidianana filoham-pirenena sy solombavambahoaka tamin'ny 2014 ka itsy voalohany dia nanjakan'ny halabato "bevata" kanefa dia neken'ny Komisiona Manokana misahana ny Fifidianana (CES) ny fahalanian-Rajaonarimampianina Hery ho filohan'ny Repoblika IV voalohany satria azo lazaina fa kandidàm-panjakana (tetezamita) izy. Nanomboka teo ny fanitsakitsahana ny lalàmpanorenana ka anisan'izany ny fanendrena ny Praiminisitra. Na teo aza ny olana sy disadisa ara-politika isan-karazany dia nahatafita ny fepotoana dimy taona nitondrany Rajaonarimampianina Hery. Niroso indray ny fifidianana filoham-pirenena farany teo, na feno hosoka sy halabato ary fividianana safidy aza izany dia nolaniana, tamin'ny alàlan'ny didy tsy azo ivalozana navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ho filohan'ny Repoblika Rajoelina Andry Nirina. Nanaiky izany tamim-panetren-tena Ravalomanana Marc satria efa niainany ny toe-javatra toy izao ny taona 2002, ka azo inoana fa ho ratsy lavitra noho ny tamin'izany no hitranga eto raha nanohitra izy. Telo volana taorian'ny fianianana nataon-dRajoelina Andry fa hanaja toy ny anakandriamaso ny lalàmpanorenana izy dia niketrika ny hanitsy sy hanova ny andininy sasantsasany ao sahady ary nanendry daty hanaovana fitsapankevibahoaka handaniana na tsia izany, na mbola tsy nanontany ny hevitry ny HCC aza. Efa niomana fatratra tamin'izany ny ao amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) ary nilaza fa vonona amin'ny fanatanterahana. Toy ny tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo ihany dia voaporofo indray ny fiandanian'ity andrimpanjakana ity amin-dRajoelina Andry satria tsy mandinika inona no voalazan'ny lalàmpanorenana manoloana izany fikasana izany fa dia "vonona", ary dia efa nataony ny antsapaka amin'ny fidirana ao amin'ny RNM sy ny TVM amin'ny fmpielezankevitra amin'ny fampandaniana ny Tsia n any Eny. Misy mpahay lalàna koa ao amin'ny manodidina akaiky an-dRajoelina Andry ao ary misy mpikirakira ity lalàmpanorenan'ny Repoblika IV ity kanefa asa na nanaiky nampijabahana na efa tsy fahaizana, na kiribiby fotsiny izao satria nanantena fa ho eken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana anjambany ny fikasany. Manana ny fahefana rehetra eo am-pelatanany Rajoelina Andry, ka tsy hisy sahy handà izay tiany hatao toy ny tamin'ny tetezamita. Mampametram-panontaniana izay mety ho avin'ny mpikambana ao amin'ity andrim-panjakana ity izay olomboatendry ihany koa. Ny zava–dehibe dia ny fahasahian'ny HCC nitsipaka ny fikasana na ny tetidratsin'izao fitondrana izao, izay ny hifehezana ny fifidianana depiote no tanjona fa mody nasongadina fotsiny ny fitsinjaram-pahefana tena izy. Vao volana telo no lasa kanefa sakana iray lehibe ho an'ny mpitondra sahady manoloana ny tetika politika tiany hitondrana ny Firenena ny nitsipahan'ny HCC ny fikasany an-kamehana hanao fitsapankevi-bahoaka. "Làlan-tsarotra iny làlan'iny", hoy ny hira fanevan'ny tetezamita, kanefa nahavita nitondra ny Firenena nandritra ny dimy taona Rajoelina Andry, na dia nofaritan'ny vondrona iraisam-pirenena ho "tsy misy kalitao" aza. Mbola sarotra sady mbola lavitra ny làlan-kodiavina ka asa raha ho tanteraka ny "finiavana" (Initiative) hanandratra an'i Madagasikara na tsy hiainga mihitsy indray ny lamasinina haingam-pandeha. Ny tsoa-kevitra azo avoitra aloha tao aorin'ny hevitra navoakan'ny HCC, afabaraka Rajoelina efa namaritra daty, afa-baraka i Lalatiana niseho nilay nefa tsy milay akory hoy ny tenin-jatovo izay, ary afa-baraka koa ny CENI, efa vita ny antsapaka nefa tsy mbola hisy aloha ny fitsapankevibahoaka amin'ny 27 mey ho avy izao.

***Andry Tsiavalona***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mampihomehy : mbola tsy namoaka ny heviny ny HCC dia efa nanao antsapaka ny CENI

**Arp Helisoa** : mampihomehy ny zava-nitranga : mbola tsy nanome ny heviny akory ny HCC dia efa nataon'ny CENI sahady ny antsapaka ho an'ny ENY sy ny TSIA. Fa inona no nahamaika?

**Nadia Raonimanalina** : hihiihi. Pression zany ki a !

**Mbolafenosoa Randimbivololona** : maika handray.....

**Benja H. Andrianasolo** : mpiara- miasa sy mpiara-misaosy mahafatrapo !

**Gracia Mitsiky Mitsiky** : raikitra ny gaboraraka e, gaboraraka mihitsy ny ao amin'ny CENI ao.

**Rakoto Tatou** : mitsapatsapa antsapaka, mpisolelaka nefa indépendant, tsy indépendant mihitsy ilay CENI.

**Tovohery Ratsimba** : ny mahamaika ve ry namana isany?de ilay VOLA ka!tsy efa fantatsika moa!

**Lova Rakotonirina** : an-tsapaka manakory koa zao e???hihihihihi, N° 01 hono ny Tsia dia N°02 ny ENY, mampihomehy mihitsy ilay CENI, tokony horavana any.

**Fanomezantsoa Moïse Solofonomenjanahary** : efa tsy misy mandeha amin'izay laonina intsony e! Antsoina ny mpifidy, atao ny antsapaka dia avy eo mangataka hevitry ny HCC indray hoe azo atao sa tsia? Tsy matotra mihitsy koa ilay fitondrana Rajoelina.

**Fily Raza** : tadidiana tsara izay hataon'ny CENI izao, ao aoriana ao hotoriantsika @acte nataony.

**Nantenaina Oly** : antsapaka atao nefa ny zavatra ho fidiana tsy fantara? Soa ihany fa notsipahan'ny HCC ambava fo ilay referendum.

**Dibrigerien Manohy** : azo raisina fa tsy mitombina ny Remarque-nao madama, hihihiii....

**Smith Geneviève** : tena tsy mety intsony io CENI io.

### Kandida Ramboasalama Emilien
# Tsy manao ambaninjavatra ny sosialimbahoaka ao amin'ny Boriboritany faha-4

Teny amin'ny fokontany Ampefiloha Ambodirano indray ny kandidan'ny TIM.K25 ao amin'ny boriboritany faha 4, Ramboasalama Emilien, sy ireo mpiray lisitra aminy, no nitafa sy nampahafantatra ny tenany tamin'ireo mponina tao antoerana, fa izy no kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), izay nahazo tsodrano tamin'ny filoha Marc Ravalomanana. Amin'ny maha kandida solombavambahoaka an-dRamboasalama Emilien avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara dia tsy ataony ambanin-javatra ny lafiny sosialy izay voarakitra ao amin'ny MANIFESTO. Araka izany, nisy ny fizahana fahasalamana sy fanomezana fanafody maimaimpoana ho an'ireo mponina tao amin'ity fokontany ity izay miisa 200 mahery, niarahana tamin' ireo mpiara-miombon'antoka sy dokotera mpitsabo. Ankoatra izay, teo ihany koa ny fijerena ny olana mahazo ny mponina ao amin'ny fokontany Ampefiloha Ambodirano, toy ny resaka rano miakatra rehefa tonga ny fahavaratra. Nampanantena ny kandida Ramboasalama fa hametraka station de pompage mba hanalàna fahasahiranana ny mponina ao an-toerana rehefa tonga ny fahavaratra. Maro ihany koa ireo mponina no miahiahy mafy fa ho arodana ny tranon'izy ireo, nilaza ny kandida Ramboasalama fa hiady mafy sy ho ao andamosin'ny vahoaka hatrany izy, hanohitra ny fandravàna amin' ny tsy rariny atao amin'ny vahoaka.

***Helisoa***



*Ny kandidà Ramboasalama Emilien avy amin'ny TIM, ao amin'ny Boriboritany faha-4.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Fanamboarana lalankely teny Tsiadana, Boriborintany faha-2






Fanamboarana lalankely teny Mahatony Soavimasoandro, Boriborintany faha-5





## Inona indray ny habobo ho lazain-dRajoelina rahampitso ?

Hosokirina avokoa izay azo hosarangotina rehetra ho fiarovan-tena fa niasa ny fitondrana tao anatin'ny telovolana. Izay no hitranga amin'ny tatitra eo rahampitso alahady eny amin'ny lapan'ny Fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina araka ny vinavinan'ny mpanara-baovao politika eto amin'ny firenena. Efa fanaon-dRajoelina ihany izany ary hanehoany fa babany izy miohatra amin'izay rehetra filoha nodimbiasiny teo aloha. Tsy maintsy hivoaka eo koa anefa ny teny vely kibay ho an'ireo izay mety heveriny ho manohintohina amin'ny fitantanany ny firenena, ary tafiditra ao anatin'izay ny resaka momba ny fikasany hanitsy ny lalampanorenana. Vinavina avokoa izany rehetra izany, fa ho hita eo ny ho filazany amin'io andro io ny amin'izay asa vita. Na eo aza izany, hatreto aloha tsy misy fiovàna ny fiainana ara-tsosialim-bahoaka sy ny fahasahiranana andro aman'alina: ny sakafo sy ny filàna fanjifany andavanandro, ny fahasalamany, ny fianaran-jaza; ny fandriampahalemana, ny fitaterana, sns... Ambaran'ny fitondrana Rajoelina fa ny mba hamahana haingana ny fahasahiranambahoaka, ny hanatanterahana ny velirano, sns..., no hanaovana ny fanitsiana ny lalampanorenana, izany hoe tsy hisy asa ho hita soritra ve izany ho amin'ny fanatsarana ny fiainam-bahoaka eto mandrapahatonga ny fotoana hanatontosana izany? Rehefa vita koa anefa io fitsapankevibahoaka io, izay mbola tsy fantatra hatreto ho rahoviana, dia azo inoana marimarina fa tsy avy dia hitosaka avy hatrany ny vola ka hiadam-pinaritra ny isam-paritra hametrahana andRagôva eo. Tsy maintsy mbola hiandry fotoana avokoa izany, ankoatra izay mety ho mazimazia angamba no tsy fantatra. Izao aza ny asesika hoe mba ho fitsitsiana ka tsy handaniana ny volam-panjakana, dia izay no hikasàna hanaovana azy maika tsy ilàna fotoana maharitra. Ny andrasan'ny mpanara-baovao dia amin'ny alahady teny hilazana fandaharanasa izay hiantomboka amin'ny alatsinainy, ka hisy fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka ny zoma faran'ny herinandro fara-fahaelany. Fa ho an'ny tena mpanaraka ny raharaham-pirenena aloha dia habobo no betsaka ho lazain-dRajoelina rahampitso io. Dia miandry ny rehetra.

*Sôh'son*

## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy anana indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia koa miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny akoran'atody



Manamafy ny taolana sy mampiakatra ny hery fiarovana ao amin'ny vatana, manadio rà ny akoran'atody… Tena ilaina ho an'ny fahasalamantsika ny akoran'atody ka aza ariana intsony. Ireto ny santionany amin'ireo soa azo avy aminy : miady amin'ny fiakaran'ny cholestérol ratsy ao amin'ny rà sy ny tosi-drà ambony ny akoran'atody. Manamafy ny taolana sy mitsabo ny fanaintainana mpahazo ny vanintaolana koa izy, no sady manamafy ny foto-bolo sy ny hoho… Ireo rehetra ireo dia noho ny fananan'ny akoran'atody amin'ny tahany ambony mineraly maro toy ny calcium, cuivre, manganèse, zinc, fluor, phosphore… Fikarakarana afaka atao : manamafy ny taolana sy miantoka ny fatran'ny calcium ilain'ny vatana isan'andro: rehefa mandroso ny taona dia mihamarefo ny taolana. Mba hamerenana ny tanjany ary dia mahavàra manisy vovoka akoran'atody ao amin'ny sakafo. Miantoka ny fatran'ny calcium ilain'ny vatantsika ny fanaovana izany isan'andro. Totoy ho lasa vovoka malemy tsara ny akoran'atody, ka isaky ny mihinana yaourt sy vokatra avy amin'ny ronono hafa ianao dia asio amin'io vovony io, sahabo 2g. Afaka ampiarahana amin'ny laoka sy ny lasopy koa izy ity.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Mandoto any amin'ny faritra Vakinankaratra

Ny tanànan'i Mandoto any amin'ny faritra Vakinankaratra indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Aminr'ny lalampirenena faha-34 no misy ity tanàna ity, 117 km miala an'Antsirabe ary 129 km avy any Miandrivazo. Somary amin'ny toerana tsy dia avo ihany ity tanàna ity satria 817 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Kaominina an-drenivohitra i Mandoto, renivohitry ny distrikan'i Mandoto. Vao haingana izy no lasa distrika fa teo aloha dia kaominina tao anatin'ny distrikan'i Betafo. Vokatra any ny vary, faritra mena eo amin'ny tsy fandriampahalemana anefa izany faritra izany.



## I Korintiana 5: 7

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (gv 131), madagasikara 24 aprily 2019

***I Korintiana 5: 7 "Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao hianareo, araka izay tsy mahamisy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika."***

Io teny io dia teny efa hainareo loatra fa tsara ny teny averina mba tsy ho hadino. Ianaro tsianjry io teny io. Manàna hianao teny hijoroana, teny ho entina miasa, teny ho entina mampianatra mba ho fantatra fa hianao mihitsy dia zanaky ny Fanjakan'ny Lanitra. Mbola eo am-piadiana ny amin'izany ny olona rehetra fa atoroko anao ny lalana hahatanteraka izany eo amin'ny fiainanao, hampianariko lalana hahatanteraka izany hianao. **I Krorintiana 5: 7** *Esory ny masirasira ela mba ho vongana vaovao hianareo, araka izay tsy maha misy masirasira anareo. Fa voavono KRISTY PASKA HO ANAREO.*

Esory ny masirasira ela = esory ny fomba ratsy, ny toetra ratsy, esory izay rehetra mety ho fanelingelenan'i Iosifera.

Ny Paska tamin'ny andro taloha, tamin'ny lalàna taloha, atao ahoana fa raha tamin'izany raha nisy nanota dia toraham-bato. Vitanao ve ny mitorabato ny havanao? Faly hitora-bato ny mpiara-monina aminao izay diso lalana ve hianao? Lalàna izany. Izay ondry kely, osy kely anananao ve dia halaina isaky ny manota ny mpianakavy, haterina any amin'ny mpisorona. Inona intsony no ho anareo? Fa na izany na tsy izany, hafa mihitsy anie izany tamin'ny andro taloha izany e! Fa mba hahafahana manova izany dia IZAHO JEHOVAH mahay manova izany. Rà ihany no tsy maintsy alatsaka izany no mahatonga an'i Iosifera mandatsaka rà foana. **Rà no tsy maintsy alatsaka mba hisy famonjena**. Ibebaho mihitsy raha toa hianao na ny mpianakavinao efa nandatsa-drà atao sorona: ran'akoho, ran-gisa, misy ràn'olona mihitsy. Iza moa no miteny aminareo olona fa raha misy zavatra alaina dia tsy maintsy mandatsaka rà na ràm-biby na ràn'olona? Jereo an'iza moa ny vatosoa na ny volamena? Dia iza no miteny fa mila andatsahan-drà io dia omena izany? I Iosifera no miteny an'izany, tsy marina izany! **Efa vitan'i JESOSY izany fandatsahan-drà indray mandeha**. JESOSY rehefa nivavaka irery, satria taty an-danita IZY dia efa nampahafantarina AZY ny zavatra rehefa fa tsy maintsy miverina ho zaza aloha mba ho teraka satria tsy maintsy atao izay maha-hafahafa ny zavatra rehetra eo amin'ny olona. Hafahafa anie izany hoe virjina hiteraka izany, hafahafa anie izany hoe olona ho faty izany fa ny Ràny latsaka no famonjena izany e! Sa tsy hafahafa? Mampino izany sa tsy mampino? Tsy mampino izany fa izay ilay maha-hafahafa AHY JEHOVAH. Tany amin'ny fotoan'andro izay nandehanan'i JESOSY tany an-tendrombohitra, tany an-kavoana IZY irery, dia tany ny resaka no natao : TSY MAINTSY HO FATY HIANAO, TSY MAINTSY HALATSAKA NY RANAO.

Naverina Taminy izay rehetra taty andanitra, dia nanaiky IZY fa tsy nisy an'izany hoe : raha ohatra ka tena zanakao AHO JEHOVAH dia maninona no ampijaliana tahaka izao? Efa natao ho zakany izany. Efa nampiomanina AZY mialoha izany. Efa nisy fiomanana izany.

Esory ny masirasira ela mba ho VONGANA VAOVAO HIANAREO = OVANA ILAY LALÀNA TEO ALOHA, fa ovana FOMBA VAOVAO indray. Ny Vongana vaovao izany dia fomba vaovao indray tsy mbola nisy fa ampiharina araka izay tsy hita. Tsy misy masirasira hianareo, arak'izay dia tsy misy fiainana ratsy hianareo;

FA VOAVONO KRISTY PASKA HO ANAREO = tsy maintsy maty izany JESOSY, tsy maintsy alatsaka ny Ràny mba ho PASKA IZY. PASKA = ny fantatry ny olona dia hoe fifaliana, mbola azo atao tsara izany, ery efa nosoratako tamin'ny hafatra teo aloha. Fa ny dikan'ny PASKA dia FIOMANANA. Tsy maintsy misy ny PASKA. Jereo tsara tamin'ny andron'i Farao sy Mosesy dia natao aloha ny Paska mba hiomanan'ny zanak'Israely dia mpandresy izy ireo. Averiko foana **MPANDRESY IZY VAO NIAMPITA** fa tsy niampita izy vao mpandresy. Inona hoe? MPANDRESY VAO NIAMPITA! Ny olona mpandresy no afaka hiampita, afaka hiady fa diso izany ilay hoe andao aloha hamboatra baomba, andao aloha manana char blindé izay vao handeha hiady fa **raha vao mandalo Paska dia efa mpandresy hianao, tsy misy azon'i Iosifera atao intsony**. Tadidio izany Teniko izany. Mampianatra anareo Fahamarinana AHO izany. Hianareo anie olombelona mandalo Paska dia efa mpandresy fa nohon'ny tsy fahalalana dia tahaka ny resy foana, tahaka ny hoe i Iosifera foana no mpandresy. Fa ny PASKA dia FIOMANANA natao FANDRESENA fa handeha ho any amin'ny ady fa EFA MPANDRESY an! Jereo tsara inona no zavatra nisy tamin'ny niampitana ny ranomasina mena. TSY MAINTSY MANDALO PASKA ALOHA. Sa efa avy nandeha niampita ny Zanak'Israely vao natao ny Paska? Ny PASKA ALOHA! Mba hidika fa hoe ady, fiomanana aloha. Ka ity Paska iarahanareo ity izany dia HIOMANANAREO fa hisy ADY HO LALOVAN'NY FIRENENA, ADY HO LALOVAN'IZAO TONTOLO IZAO. Efa niteny taminareo AHO hoe amin'ity fotoana ity dia hanomboka ny ambony amban'ny firenena ka mba manara-baovao ve hianareo fa na izay firenena fantatra fa milamina aza dia mikorontana ankehitriny, aza avela handalo fotsiny ireny fa ampiasao ny sainareo hoe fa inona no dikan'ity? Fa misy inona eto ambonin' ny tany fa izay tsy miseho ary dia mitranga atsy, izay voatery ary ange dia tazana atsy e! Aza variana **fa miomana am-panahy tsara**, miomana amin'ny lafiny rehetra rehetra.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Matio 19:9***

*Fa lazaiko aminareo: na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, afa-tsy noho ny fijangajangana ihany, ka mampakatra ny hafa, dia mijangajanga; ary izay mampakatra ny voasaotra dia mijangajanga koa.*

### MAHATONY-SOAVIMASOANDRO

## Nahazo lalankely avy amin'ny vato tamina sisina trottoir

Ho fitsinjovana ireo mponina eny ifotony dia mitohy hatrany ny asa fanamboarana lalankely tanterahin'ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Teny Mahatony – Soavimasoandro indray no nanatanterahana ny asa, lalankely mirefy manodidina ny 150 m no namboarin'ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny boriboritany. Ireo vato tamin'ny sisina "trottoir" nesorina nandritra ny tetikasa ARM (Autorité Routière de Madagascar), ataon'ny Orinasa Colas hatrany, no nalaina anamboarana ity lalankely ity. Izao no natao dia mba hanalàna ny fahasahiranan'ny mponina indrindra rehefa amin'ny fotoana fihavian'ny orana. Tsy hijanona hatreo ity asa ity fa mbola hitohy any amin'ireo fokontany maro eto Antananarivo Renivohitra.



*Lalankely atao eny Mahatony- Soavimasoandro.*

***Aly***

### Boriboritany faha-2 (CUA)

## Misitraka ny fanaovana lalankely avy amin'ny vato tamin'ny sisina "trottoir" koa

Efa tonga eny amin'ny fokontanin'i Tsiadana Boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) koa ireo vato tamin'ny sisina "trottoir", izay hatao lalankely. Afak'omaly ihany dia natomboka izany asa izany. Raha tsiahivina dia "bordure de trottoir", vato tamin'ny sisin-dalana, izay tsy ilaina intsony ka nalana teny amin'ny lalana samihafa teny no noraisin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra an-tànana mba tsy ho very fotsiny dia izao hanamboarana lalankely izao. Ity asa izay atao ity dia fiaraha-miasa amin'ny DTP (CUA) sy ny sampan-draharaha misahana ny ara-teknika eo amin'ny Boriboritany faha-2. Ny tanjona amin' ity tetik'asa lalankely ity dia ny fitsinjovana sy fanomezana fahafahampo hatrany ny mponina eny amin'ny boriboritany faharoa, ao anatin'ny fanomezana endrika ny tanàna ihany koa.



*Ireo vato anamboarana lalankely eny Tsiadana.*

***Aly***

### Boriboritany faha-3 (CUA)

## Nanatanteraka ezaka kopia maimaimpoana faobe miaraka amin'ny Rotary club Ankorondrano

Nisy ny ezaka kopia maimaimpoana faobe iarahan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), amin'ny alalan'ny Boriboritany fahatelo, miaraka amin'ny Rotary Club Ankorondrano, omaly, tao amin'ny Boriborintany fahatelo, izany dia notarihan'Andriamatoa Harijaona Ramanantsoa Filohan'ny Rotary Club faritra Ankorondrano, niaraka tamin'ireo dokotera ao amin'ny DSH (BMH) ny CUA. Ny tanjona dia ny fanomezana kopia ireo zaza 5 ka hatramin'ny 12 taona, izay tsy voasoratra ao anatin'ny Boriboritany faha-3, zaza 77 isa no nahazo kopia tamin' izany. Ny kopia dia mampy ireo zaza amin'ny antontan-taratasy ilaina amin'ny fanalana fanadinana sy eo amin'ny fiainany ho avy koa.

***Serge***



### DMR (CUA)

# Manao ezaka fanisana ny trano ao amin'ny Boriboritany faha-5 eto an-drenivohitra

Manao ezaka fanisana ireo trano eto an-dRenivohitra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin'izao fotoana. Araka izany dia nisy ny bokin-trano izay nozaraina manerana ireo fokontany 27 tao amin'ny Boriboritany faha-5, tamin'ny volana Aogositra 2018, ka hatramin'ny Febroary 2019 lasa teo. Ity Boriboritany faha-5 ity no atao filamatra na pilote amin'izay resaka bokin-trano izay. Niisa 39 000 teo ireo bokin-trano izay nozaraina tao amin'ity boriboritany ity ary mbola ny 20% ihany hatreto no namerina izany teny amin'ny kianjan'i Mahamasina, izay birao miandraikitra izany eto anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia ny DMR, na ny Direction de Mobilisation des Ressources. Ny tanjona amin'ity tetikasa ity dia ho voaisa ary mba hanana mari-pamantarana




*Ny bokin-trano aparitaky ny CUA.*

avokoa ireo trano manerana ny renivohitra. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny DMR, Andrianarivony Rakotondrazaka Tolotra : "ity bokin-trano no toy ny karapanondron-trano mba hanatanterahana izay voalazan'ny lalàna mahakasika ny hetran-trano sy ny hetran-tany, ny lalàna momba ny tanàndehibe ary indrindra ny tsy maintsy anaovan'ny mponina fanambaràna isan-taona mahakasika ny trano sy tany eny anivon'ny sampan-draharaham-panjakana". Ity bokin-trano ity ihany koa dia natao hanamafisana ny fisian'ny tany sy ny trano amin'ny fotoana hanaovana ny fanisana ary mirakitra ny andinininy mahakasika izany. Takian'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ity boky ity rehefa misy fikitihana hatao amin'ny trano ohatra: fanavaozana, fanitarana, fandrodanana fanatsaràna… Maro ireo tombontsoa izay ho azo amin'ny fampiasana ity bokin-trano ity toy ny fahafantarana ny hetra izay tokony haloa eny anivon'ny Kaominina, ny fanamarinana ny fisian' ny trano, ny fangarahana, ny fiadiana amin'ny kolikoly, … Araka izany dia manentana ireo mponina ao amin'ny Boriboritany faha-5 izay efa nahazo ny bokin-trano ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, mba hamerina izany eny amin'ny birao misy ny DMR ao Mahamasina. Entanina araka izany ihany koa ireo izay mbola tsy nahazo izany tao amin'ity Boriboritany ity mba haka ny azy eny amin'ity birao ity, torak'izany ihany koa ireo izay mila fanampim-panazavana.

**Aly**

### Mpianatra avy any amin'ny Faritra

# Te-hahalala misimisy kokoa ny Antenimierandoholona

Nanao sesilany ny fitsidihana nataon'ireo mpianatra avy any amin'ireo Faritra maro manerana ny Nosy tao anivon'ny Antenimierandoholona Anosikely. Tao aorian'ny mpianatra avy any Toliara, Faritra Atsimo Andrefana, sy Mampikony, Faritra Sofia dia ny avy ao amin'ny Notre de Dame de Mont Carmel Ankilizato Morondava, Faritra Menabe, izay notarihan'ny Masera Rasoanirina Aurélie talen'ny Sekoly, sy ny mpianatra avy ao amin'ny Lisea Soanierana Ivongo, Faritra Atsinanana izay notarihan'ny mpanabe azy ireo, indray no nitsidika tetsy Anosikely. Ny votoatin'ny fitsidihana dia ny finiavan'ny mpianatra te-hahafantatra misimisy kokoa ny Antenimierandoholona, ny anjara andraikiny ary indrindra indrindra ny toerana misy azy eo amin'ny lafiny fitsinjaram-pahefana. Ny Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona avy amin'ny Faritanin'i Toliara, Kolo Roger, no nandray ireo mpianatra avy any Morondava amin'ny maha Ray aman-dreny avy amin' iny faritra iny azy, niaraka tamin-Ramatoa Robline, Sekretera Jeneralin'ny Antenimierandoholona. Nanazava ny fomba fiasa sy ny andraikitry ny mpikambana eo anivon'ny Antenimierandoholona izy ireo, ka notsindrin'ny Filoha Lefitra Kolo Roger fa tsy ny Loholona irery ihany no miasa ao anivon'ity Andrimpanjakana ity fa misy ihany koa ny mpiasa izay manodidina ny 600 eo ho eo. Ny Filoha lefitra Malo Benoit avy amin'ny faritanin'i Toamasina kosa no nandray ireo mpianatra avy amin'ny Lisea Soanierana Ivongo. Zava-dehibe ny fahalalana azo avy amin'ny fitsidihana toy izao hoy izy ary tokony hataon'izy ireo tanjona ny ho lasa ho mpitantana eto anivon' ny firenena rahatrizay. Tsy nohadinoin'ny Loholona ny nanazava ny antom-pisian'ny Antenimierandoholona, ny anjara toerany eo amin'ny lafiny fitsinjaram-pahefana ary ny mampiavaka ity Andrimpanjakana ity toa ny tsy fahafahany manongana ny Filoham-pirenena sy ny tsy ahafahana manafoana azy. Teo ihany koa ny fanazavana ny andraikitra manokan'ny Filohan'ny Antenimierandoholona araka ny voasoratra ao anatin'ny Lalampanorenana andininy faha-46, and-50 andalana faha-2. Nanambara kosa ny Talen'ny Sekoly, nitondra ireto mpianatra ireto, fa tafiditra ao anatin'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra ny fampahafantarana ny Andrimpanjakana tahak'izao sady fampahafantarana azy ireo misimisy kokoa ny zavatra misy eto amin'ny firenena ho fanatevenana izay atolotry ny mpanabe.

**Isambilo**



*Ireo mpianatra avy any amin'ny faritra nitsidika ny tetsy Anosikely.*

## Ny Valosoa sy fakafaka


### Fitantanam-pirenena

### Aok'izay ny famitahana ny vahoaka

Maresaka ankehitriny ny adihevitra momba ny fikasana haha-mirazotra ny fifidianana solombavambahoaka sy ny fanitsiana ny lalampanorenana. Niaraha-nandre iny ny fanapahan-kevitra avy amin'ny HCC nivoaka ny alakamisy hariva teo iny, izay nandrara fa tsy azo tanterahina io fanitsiana ny lalampanorenana io raha tsy aorian'ny fitsanganan'ny fahefana mpanao lalàna. Soa fa izay no niseho. Mikisary endrika fandrebirebena vahoaka ihany, alao hazava, ny fampiarahana zavadroa loha lehibe amin'ny vahoaka sy ny firenena amin'ny andro iray amin'ny fifidianana izay ny iray efa nomanina efa ela fa ny faharoa notampotampohina. Toa natao vonjy tavan'andro mihitsy aza ny fahitana azy ary toa vonjivonjena toy ny "tsinain-kena " araka ny fitenenana, izay nilazana ho fiarovan-tena hoe fitsitsiana. Moa tsy hisarika ny saina izany hikaroka hoe: inona indray ny kajikajy politika amin'izany, satria efa fanaon'ireo eo amin'ny fitondrana ankehitriny hatramin'ny nikatsahany izao toerana izao izany? Raha tsy hitodika ny vao tsy ela, dia ny kajikajy politika nataon'ny antokon'ny fitondrana teny amin'ny Parvis Analakely mody hoe mitolona kanefa manao kajy hikatsahana fitondrana, ka namitahana vahoaka. Raha ny zavamisy ankehitriny, ny tsapa dia tsy nojerena mihitsy izay ho akony any amin'ny vahoaka sy ny firenena toy ny natao tamin'ny fifidianana ny lalampanorenana nataon'izy ireo tamin'ny taona 2010. Dia ilay kitoatoa natao tamin'izany fotoana izany no nampidi-kizo ny zotram-piainan'ny firenena mandraka ankehitriny mihitsy, rehefa avy nahita ny maizina tao anaty fitondrana Hvm. Efa nofitahina ny vahoaka maro an'isa tamin'ireny satria iarahamahalala ny taham-baton'ireo mpifidy nandany ny lalampanorenana. Mazava loatra fa vitsy an'isa ihany no hany mahalala tanteraka io lalampanorenana io, ary nentina an-jambany fotsiny nandritra ny taona maro ny vahoaka Malagasy, dia niarahanahita tsara ireny ny zava-nitranga teto. Na dia kasaina hokitihina aza ny sasantsasany amin'ny andininy amin'io, moa hanova ny tsy fahalalan'ny vahoaka azy io manontolo izany? Tsia. Marina araka izany ny tenin'ny filoha nasionalin'ny antoko Tim, Marc Ravalomanana ny amin'ny filazana fa tena tsy tokony hatao maimaika toy izany ny fanitsiana ny lalampanorenana, fa tokony hisy ny fiaraha-midinika ny rehetra raha te-handroso marina isika. Fitondrana ao anaty maizina ny vahoaka sy ny firenena ny fanaovana tefy maika sy vonjy tavan'andro ny fototra mamaritra ny lalan-kizorana toy izany. Porofon'izany io lalampanorenana nolaniana tamin'ny andron'ny tetezamita izay tiana hokitihina io indray ankehitriny. Dia mbola inoana fa hikitika zavatra hafa ao anatin'io indray ireo amin'ny manaraka. Aoka hakarina ambonimbony kokoa sy amim-pahendrena ny fomba fitantanana ny firenena.

**Sôh'son**

## SARIITATRA : IEM : Iny Eny Marina ilay fositra



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**13/04/19 hatramin'ny 20/04/19**

- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 903-04-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANTENIMIERANDOHOLONA

# Tsy 33 miliara Ar fa 23 miliara Ar sisa ny tetibolany

Mba ho fampahafantarana ny zava-misy eo anivon'ny Antenimierandoholona, ny anjara andraikiny ary ny tetibola ampiasainy dia niantso mpanao gazety ireo Loholon'i Madagasikara ny alakamisy tolakandro teo, tao amin'ny Lapa Maitso Anosikely. Nandray fitenenana voalohany ny Kestora Abdirassoul Mourad ary nanazava ny teti-bola ampiasain'ny Andrimpanjakana. Nolazain'ny Kestora Abdirassoul Mourad, izay misahana ny fitantanana ny ara-bola, fa ny vola izay voasoratra ao anaty teti-bola 2019 dia anatanterahana ny fampandehanan-draharaha sy andoavana ny karaman'ny Loholona miisa 63, mpiasa miisa 560 ary miaramila 107. Notsipihany fa raha 33 miliara Ariary no voasoratra tao amin'ny teti-bola 2019 dia efa nanalan'ny Ministeran'ny teti-bola 10 miliara Ar izany tamin'ny LFR, ny lalàna fanitsiana ny tetibola, ka 23 miliara Ar sisa. Ny Loholona Betiana Bruno dia nanamafy ny voalaza ary nanambara fa mpiasampanjakana daholo ireo mpiasa miisa 560 ireo, ka na foanana aza ny Antenimierandoholona dia tsy maintsy aloan'ny fanjakana ihany ny karaman'ireo mpiasa ireo. Nambarany ihany koa fa raha foanana ve ny Sénat dia mbola mitombina ny Repoblika faha-4 ? Nohamafisin'ny Loholona Rakotovazaha Olivier izany ary nambarany fa ny taona 2003 raha ho foanana ny Sénat dia nitsipaka ny



HCC ary mijanona ho jurisprudence izany. Manome endrika ratsy ny fitsarana izany raha mifanipaka amin'io ny lazain'ny HCC. Nanambara ny Loholona Rakotovazaha Olivier fa malahelo amin'ny famingavingana ataon'ny haino aman-jery sasantsasany mahakasika ny Antenimierandoholona ary nanontany hoe : "Mbola Repoblika ve isika ?" Notsipihan'ny Loholona ihany koa ny momba ny "principe de subsidiarité". Mbola mitombona ihany ve izany raha ny Filoham-pirenena no miahy mivantana ny Governora ?

*Isambilo*

Ben'ny tanàna sy senatera

# Nanatanteraka atrikasa momba ny harena ankibon'ny tany


Nanatrika ny atrik'asa momban'ny harena ankibon'ny tany sy ny asa ary ny tsy fisian'ny asa any amin'iny renivohitry ny Faritra Anôsy iny ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao afak'omaly. Atrik'asa izay iarahan'ireo Loholona vitsivitsy avy amin'ny Faritanin'i Toliara sy avy amin'ny Faritra hafa amin'ireo Ben'ny Tanàna any amin'iny Faritra Anôsy iny ary naharitra roa andro. Nisy ny famelabelarana sy fifanakalozan-kevitra ary fifanakalozana traikefa teo amin'ireo Loholona, Ben'ny Tanàna ary ny teknisiana nandritra izany atrik'asa izany. Tao aorian'ny fahavitan'ny andro voalohany dia nanararaotra nanontany ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao ny mpanao gazety amin'iny Faritra Anôsy iny manoloana ny ho avin'ity Andrimpanjakana ity. "Tsy amin'ny maha mpanao politika ahy fa amin'ny maha Filohan'ny Antenimierandoholona no hamaliako ny fanontanianareo hoy Andriamatoa Rivo Rakotovao" raha nandray ny fitenenana. Hoy indrindra izy namaly ireo mpanao gazety : efa nametraka taratasy teny amin'ny HCC aho manontany an'izy ireo ny momba ny ho avin'ny Antenimierandoholona, sy ny momba ilay fitsapankevibahoaka". Dia efa henontsika afak'omaly ihany fa nolavin'ny HCC aloha ny fanatanterahana ny fitsapankevibahoaka momba ny lalampanorenana, toy izany koa mbola eo ihany aloha izany ireo loholon'i Madagasikara.

*Aly*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 278**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0277)

*Mitsivalana*
- Tsenanay
- RN
- Kitoatoa
- Soa – (V)av(a)
- Mainty (Miv)
- Rindra (Miv)
- Eny – (L)iona

*Mitsangana*
- Taksibe
- Toy (Miv)
- Entanay
- Ri (Miv)
- Alahady
- M, N, O
- Aroa – In
- Arovany (Miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 278




**Mitsivalana**

**1.** Nahazo zaza **2.** Foibe fiantohana – Aotra – Zava-maniry **3.** Nandefa ivelany – Tsofoka **4.** Piso (BL) – Zava-mahadomelina **5.** Tsy ahitàna loto – Iry, tia (Miv) **6.** Samy lehilahy **7.** Matanjaka – Zava-maniry isan-karazany **8.** Tampisaka – Firenena vahiny (Miv) **9.** Fizaram-potoana (Miv) **10.** Vato fotsy – Mandoro

**Mitsangana**

**A.** Nandrahona tamin'ny basy **B.** Solontena – Faritra **D.** Salama – Rà (Miv) **E.** Hita eo amin'ny fery (Miv) – Mpanoritra anarana **F.** Folo sy folo – Tovona (Miv) **G.** Teny mandràra – Vorona **H.** Akory aby ! **I.** Mpanondro – Toerana Masina **J.** Afa-po ara-tsakafo – Litera mitovy **K.** Marika – Natsahatra

## Valiny Teny mifanaraka 0277

*Mitsivalana*

1 Tsaroanao 2. Vary – Osa 3. Raaka – Ny (Miv) 4. Ny – Iva 5. Naatony – Vy 6. An – Asal(y) 7. Kilasy – Oty 8. Ala – Malaso (Miv) 9. Isalorana 10. Amalona – Fa (Miv)

*Mitsangana*

A. Taranaka B. Milina (Miv) D. Avana – Lasa E. Rakitra – (V)al(a) F. Ora – Solo G. (T)ay – In – Nosy (Miv) H. Avia – Ala I. Ao Sola J. Osy – Vatana K. Familiana (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Behenjy, Ambatolampy, Ambohimandroso, Ambohibary, toerana notsidihin'ny filoha Ravalomanana.











Ny fitsaboana maimaimpoana nokarakarain'ny kandidà TIM Boriborintany faha-4, Ramboasalama Emilien sy ny mpiray lisitra aminy tao Ampefiloha Ambodirano.







*TONONKALO*

## Ny zato andronao

Zato andro izay no lasa
Inona no zava-bita ?
Tsy mivaingana ny asa,
Fihemorana no hita !

Aiza izao ankehitriny
Ireo fanamby mba napetraka ?
Maizina "iny lalana iny",
Mahakivy , mahaketraka !

Trano avo no voalaza
Hierinerina , ho haingo.
Nefa izao na fototra aza,
Mampametraka baraingo !

Tetik`asam-pahavalo
No nalaina , nisalorana.
Izay no ambara ho sain-dahalo ?
Izay ilay loham-pozaorana ?

Tena miaiky anao ny tany
Ry efa zatra ny letrezana.
O! mba mandiniha ihany
F`efa zary fihomehezana !

***DADAN`i ZINA (26-04-19)***